# “Zo Hiteny”, Dream’in TV, 6 Desambra 6, 2025 – Dika an-tsoratra Malagasy

**Manga : Mpanolotra fandaharana**
**Mainty : Ny olona nasaina**
**En gras : Voambolana amin’ny teny vahiny**

**0:00:** *Mozika fampidirana ny fandaharana*

**0:17:** Alin’ny Sabotsy faha enina ny volana Desambra, taona 2025. Manolotra ny arahaba tompoko lahy sy tompoko vavy.

**0:25:** Tongasoa ato anatin’ny fotoana izay handraisantsika vahiny indray.

**0:30:** Fandaharana ***Zo Hiteny*** manokana ity androany ity. Hiresahantsika ny mahakasika ny fitrandrahana ny harena an-kibon’ny tany any amin’iny faritra Anosy iny, raha ny marimarina kokoa dia ny fitrandrahana ny fasi-mainty.

**0:47:** Efa taona maromaro no nisian’izay fitrandrahana fasi-mainty izay, raha tany amin’iny Fort-Dauphin iny moa izany ny tena marimarina kokoa, izay misy ny faritra Anosy izay.

**0:59:** Ny Firaisamonimpirenena isan’ny nanaraka akaiky foana ny zavatra misy sy ny fitrandrahana izay natao moa izany tany Fort-Dauphin tany.

**1:10:** Ka izay no resadresahantsika amin’ity androany ity satria hoe ao anatin’ny fanavaozana isan’ny resahana foana ihany koa ilay hoe mba hitondra soa sy mba hiverina amin’ny vahoaka Malagasy ny harena izay hananan’ny fireneny dia ho hitantsika eo hoe manao ahoana marina izany izao ny zava-misy any amin’iny faritra Anosy iny.

**1:30:** Tamin’iny herinandro iny isika efa niresaka ihany, tany amin’ny faritra avaratrin’ny nosy iny. Misy ny fitrandrahana **terre rare** izay tsy mbola eken’ny mponina ihany koa aloha ny zava-misy amin’izao fotoana izao.

**1:43:** Fa izay no hanasantsika an’andriamatoa MASIMANA GAHIDI MARENJAKA, izy moa dia filoha regionaly ny vovonan’ny firaisamonimpirenena any amin’iny faritra Anosy iny.

**1:56:** Miarahaba anao tompoko. Misaotra betsaka tongasoa eto amin’ny fandaharana ***Zo hiteny***.

**2:01:** Miarahaba anao andriamatoa Harinjaka. Faly aloha izahay izao, nahita fa afaka hiteny androany satria  elaela no niandrasanay an’izao fotoana izao.

**2:19:** Voalohany indrindra aloha dia miarahaba antsika rehetra mpanaraka ny télé Dream'in fa indrindra moa isika Anosy ao. Salama aby rya.

**2:28:** Tsy zegny, androany itiky zegny tsika, hiresaky, hamakafaka sy hametrapetraky ny raha misy amintsika Anosy ao, hoe ino marina raha misy ao? Izay nihadihadihan'ny Société civile, izay moa ny ahafantarandrô…antsika azy any.

**2:46:** Dia zegny horesadresahantsika androany. Fa alohan'ny hiresahana azy. Aleo ngamba présentevako kely ny faritra Anosy.

**2:55:** Tsy maninona.

**2:56:** Faitra Anosy io. Faritry manandraha Izahay any satria mana halavan'ny tora-pasika 200 km. Ankotrin'izay, misy famboleagna ao ary mampalaza anay any moa ny litchi amin'izao, vokatry izy ao.

**3:18:** Ankotrin'Iay, manao vanille koa zahay any. Ankotran'ny famboleagna, fiompia koa ataonay. Dia noho ny fanananay tora-pasiky lava igny moa zany dia ny fanjonoa. Reo harenanay aby io.

**3:34:** Fa indrindra moa izay vokatry resahatsiaka androany ity, ny fasi-mainty. Eka, misy fasi-mainty ao ary hireharehanay depuis 1980 tany ho any. Nisy izay orinasa **Kitfer** izay nanombohana azy.

**3:52:** Dia izy io, nahita ny, ino moa izany, ny harenan'ny faritra Anosy dia tiandreo izany hoe hitrandraka an'ilay fasi-mainty. Dia nandeha ny fanadihadiha tamin'ny 86, dia hitandreo fa tena hamokatry ilay izy dia nanomboky nangataka tamin'ny fanjakana reo tamin'ny 97, dia tamin'ny 98 reo nahazo fankatoavana dia nisy an'izay **Convention d'établissement** izay.

**4:24:** Dia **Convention d'établissement** io moa izany sahalan'ny hoe lalàna mifehy ny famokara fasi-mainty ho an'ny orinasa io, dia lasa **Kitfer** izy tamin'izay dia tafarafara tato izy lasa **QMM** aaaaa, **Rio Tinto QMM** dia tamin'ny 98 io izy, nohon'ny fisian'ny **Convention d'établissement 98-002** dia afaka mitrandraka mandritran'ny 25 taona. Io 25 taona io, **ilménite** no trandrahany tamin'io.

**4:57:** Dia tamin'izay reo nanao installation sy ny tariny dia nanomboka ny 2005, nanomboky nametrapetraky ireo izany ilay infrastructure, dia tsy ino moa zay fa fametrahana ny **port en eau profonde** dia fametrahana ny **usine** eny Mandena.

**5:14:** Dia tamin'ny 2009, nanomboka nandefa fasi-mainty amin'zay ireo, amin'lay fitrandrahana. Raha jerena izany amin'ny ankapobeany dia eo amin'ny dimy hetsy taonina isan-taona ny fasi-mainty izay vokarin'io orinasa io.

**5:32:** Dia tamin'ny 2017 tany ho any reo tsy **ilmenite** trandrahandreo no trandrahandreo na sy **zircon** fa nitrandraka **monazite** ry zareo.

**5:46:** Ny **monazite** moa izany anisan'ny **tena rare** izy io fa **radioactif**, misy **radioactif** kely anatiny ao. Ary izy **radioactif** izay moa izany mety manimba fahasalamana raha ohatra tratra ny vahoaka, ohatra izay.

**6:01:** Dia ankotrin'zay, misy fanavaozana ilay **Convention d'établissement**, dia **23017,** izay ilay **loi**.

**6:13:** Tafaraka kely ny **Code minier**, izay **Loi n°23007**. Dia indro kely nefa rehefa novakianay hein, zay OSC io an, zahay tsy mahay lalana an, fa mba kely mahay mi-**interpréter** na zavatra kely.

**6:32:** Dia hitanay ao hoe **minerais** fa tsy hiteny hoe **ilménite** intsony fa **minerais,** dikan'izany zegny izay zavatra voatrandraka ndreo ao izany dia azondreo trandrahana mandritran'ny 25 taona.

**6:43:** Izay zany amin'ny ankapobeany ilay situation nay any amin'ny orinasa io.

**6:48:** Dia izay moa hitantara kely mahakasika ny orinasa sy fitrandrahana ao Fort-Dauphin.

**6:56:** Ny zavatra misy amin'izao fotoana izao an, azo lazaina hoe mifanohitra tanteraka, raha ny serasera vohizina mahakasika an'izany any amin'ny faritra Anosy izany, indrindra indrindra ao anatin'ny fitrandrahana **ilménite** sy, amin'izao moa izany an, arak'zay hoe **minerais** sns izay aloha an, fa hoe  fitrandrahana fotsiny.

**7:14:** Ny….ataontsika hoe ny mpitrandraka dia tena milaza mihitsy an fa tena misy vokatra, mhh, vokatra amin'ny mponina, amin'ny sosialy, amin'ny toe-karena, ny fisiany an, ao anatin'izany an, ataontsika hoe any Fort-Dauphin izany an.

**7:31:** Raha tsy hilaza fotsiny hoe, milaza mihitsy ry zareo hoe, hatramin'ny nisian'ny orinasa izay mitrandraka ao amin'io, any Fort-Dauphin io an, tsy nisy **délestage** izany tany an-toerana, ampy tsara ny famatsiana herinaratra ary ny orinasa isan'ny miantoka izany.

**7:49:** Isan'izany ihany koa, hoe be dia be ny tarehy marika moa izany, izay ataontsika hoe navoaka ao anatin'izay rehetra izay.

**7:57:** Raha tsy ataontsika fotsiny hoe ny fampidirana an-tsekoly an…mpianatra an, dia maro be no voaresaka moa izany an ao anatin'ilay izy an, ato ambany masoko ato ihany ilay izy fa an.

**8:11:** Fa ny tiako resahana izany an ao anatin'izay fotoana izay an, ianareo an tena firaisamonimpirenena. Ianareo an ahoana ny fomba fahitanareo **situation** izany amin'izao fotoana izao.

**8:22:** Tena mitera-bokatsoa ho an'ny mponina sy ny toe-karena sy sosialy any an-toerana tokoa ve ny fisian'ny fitrandrahana amin'izao fotoana izao.

**8:30:** Misaotra betsaka amin'ilay fanontaniana. Izy aloha matoa izy tonga dia hampandroso izay, fa moa ve miampaka hatrany amin'ny vahoaka sa hampandroso ny toe-bolany? Izay izany ny tokony jerentsika.

**8:49:** Amin'ny ankapobeany izany , ny fahitako anazy, sady depuis ny fisian'io moa izany, nihezaka avao izahay mba manadihady koa ho anay manokana. Dia nisy boky kely navoakanay izay hoe **« Rio Tinto QMM - 15 ans d'exploitation, constats et réalité – 2025 »**

**9 :11 :** Dikan'izay, nandritran'izay 15 taona izay, nanao ahoana ? Dia teo moa ny resaky hoe nitondra fampandrosoana. Fihavian'io orinasa io tokoa an nampisy ny **port en eau profonde** any aminay.

**9 :25 :** Ankotrin'zay, nisian'ny **Pôle Intégré de Croissance** any aminay, dikan'izay maro ny **développement** izay tokony ho hitantsika ao anatin'izay ao.

**9 :35 :** Rehefa nojerevana aloha ny amin'ny **point de vue économique,** ilay **taux de pauvreté** ny faritra Anosy, tamin'ny 2005, dia eo ho eo amin'ny 74 % ny **taux de pauvreté** an. Dia tamin'ny 2022, izay vao, il y a trois ans lasa, lasa niakatra 92 % ny **taux de pauvreté**.

**10 :06 :** Somary **paradoxe** izy ilay izy an, par rapport amin'ny **développement**.

**10 :00 :** Dia ankotrin'izay, lasa **région** fahatelo amin'ny **région** mahantra ny faritra Anosy.

**10 :19 :** Izay izany amin'ny ankapobeany, misy ny **développement** hita maso, fa rehefa nijerava ity izany ilay **données** ity, ity tsy **données** izay noforoninay, fa **données** izay nalanay tamin'ny INSTAT sy ireo izay **organisme** izay manao fanadihadiana any amin'ny faritra Anosy.

**10 :37 : Inona izany no mety mampahatonga an'izay zavatra izay hoe, misy orinasa lehibe eo an, nefa mitombo ihany ilay tahan'ilay fahantrana any aminareo ao anatin'izay ?**

**10:47:** Nenahy aloha an, amiko manokana aloha an, izay moa no nanaovako **mot** kely anatin'ilay boky, hoe mpanarivo, tena manan-karena faritra io an, fa ilay **contrat social** no mila jerena.

**11:02:** Tsy tokony omena tsiny izany ny harena an-kibon'ny tany. Fa ilay **contrat social** hoe ino mahatonga an'itiky, ino izay natao teo ve mety sa tsy mety? Izay angamba no tokony hijerevantsika anazy.

**11:15:** Maromaro zahay ao amin'ny **contrat social** izay an, ary alohan'ny hitrandrahany fasi-mainty an, maromaro ny **étapes** nandalovana: manao **consultation publique,** manao **étude impact environnemental**, dia misy izao **cahier de charge** izao, dia misy izao PGS izao.

**11:31:** Maro, maro ilay document ary **presque mille pages à chaque fois** izay avoaka isan-taona sy **en fonction** an'zay **engagement** izay ataon'lay **société**.

**11:42:** Fa fahitanay anazy ety ivelany, satria miezaka maka **informations** amin'io **société** io izahay nefa tsy mety mahazo. Dia tsy dia hitanay hoe tena milatsa-paka amin'ny vahoaka ilay izy fa olom-bitsy no mahazo tombony.

**11:59:** Izay mahatonga an'io hoe **74% en 2005, 92 % en 2022**. Izay izany amin'ny ankapobeany fahitako azy ety ivelany sy ataoko angamba hoe mety tsy handà an'izay ny ankamaroanay any Fort-Dauphin.

**12:18:** Ao anatin'izay hoe inona avy moa izany no azo lazaina hoe olana fototra mifandraiky amin'io fitrandrahana io, mitranga any amin'ny faritra Anosy any ? Otrany re re ihany hoe maloto ny rano e.

**12:32:** Inona inona daholo, maromaro ny olona hoe misy ny orinasa tsy mampiasa olona eo an-toerana e sns.

**12:39:** Misy **cahier de charge** moa izany , ahoana ny fampiharana ny cahier charge, izay tokony hoe narahana antsakany sy andavany any an-toerana izany amin'zao fotoana izao.

**12:51:** Misaotra betsaka. Hoe : « Maloto ny rano, **Cahier de charge**… »

**12:56:** Izany ny resaka re izany mahakasika ilay any, fa eo ianao hanazava tsara hoe inona marina ny tena olana mifandraiky amin'ilay fitrandrahana.

**13:03:** Voalohany indrindra aloha an, izahay ao amin'ny **OSC**, raha ny tantara no jerena, tsy….talohan'ny 2022 izahay, nijery fotsiny, hoe mandeha izao, misy 4X4 maro aminay eto, mampandroso ity raha ity.

**13:21:** Fa nanomboka amin'ny…ilay relâchement na rano nataon'ny orinasa io, **1 million m$^3$** anatin'ny **7 semaines. 1 millions m$^3$** anatin'ny **7 semaines** naria ao amin'io **lagune** d'Andrakaraka izay malaza amin'izao hoe izy tenenintsika maloto io.

**13:39:** Ataontsika hoe efa presque **7 mois** izao, maimbo io rano io amintsika miresaky izao. Fa mbo ho resahantsika farany moa mahakasika izay.

**13:47:** Hmmm Lafa nahita an'iny izahay, nahatsikaritra an'iny hoe ino fandehan'ny tantara itiky, dia nihezaka nanadihady. mba ino marina moa **situation** misy itiky. Dia tamin'izay izahay nahitahita raha maromaro.

**14:04:** Par rapport amin'ilay **Cahier de charge** tiako resaha an. Hoe otrany tsy dia mifanaraka aminazy. Dia teo izahay nanapa-kevitra hoe aleo antsika mihitsy hangataky, hiaraka hanao **suivi,** amin'ireo mpanao **suivi** na izay **comité du suivi** izay natsangandreo reo.

**14:22:** Dia nihezaka nangataka izahay fa tsy nety nahazo hoe tsy afaka manao nareo, fa raha hanao **indépendant** nareo, afaka manao.

**14:29:** Fantatsika anefa ny **société civile**, izahay tsy misy mi **financer** tsy misy inona fa ny vola any am-**poche** nay no mi **financer** anay. Ary fahatongavako atiky io moa zany **dans le cadre** ny **20e anniversaire** ny **Société Civile Internationale.**

**14:43:** Dikan'izany, nisy **financement** kely avy any ni **payer** ny **frais** nay dia noho izay izany dia nihezaka nanararaotra izahay niresaka amin'ny **partenaire** hoe mba afaka hiteny ve izahay, hoe manana zo hiteny otrany ataontsika izao. Dia misaotra anareo aloha ny amin'izay raha izay.

**14:59:** Fa hatramin'izao izahay, tsy afaka mahay hoe ino marina raha misy ao ? Izahay namboatry ity boky itiky, ity, dia nihezaka nangala **information** tany fa tsy nahazo. Dikan'zay misy manjavozavo izany ny **information.**

**15:15:** Ity ilay rano Andrakaraka ity moa izany misy mivelona amin'io rano io sa hoe ahoana ilay lazaina hoe maloto sns?

**15:21**: Misy mivelona izy io, ary izaho anisan'ny nametraka **site** ny **QMM** tany tamin'ny 2022, satria nisy **site, bon, site de recherche** lay izy dia izaho niezaka anao **élevage** na **poisson** sy **tilapia** tamin'izany.

**15:38:** Ary izay nahitako hoe maro be ilay **espèces** ao, dia ilay **espèces** ao maro, tamin'izay an, estimevako ho eo amin'ny zato mahery.

**15:48:** Fa amintsika miresaka izao, roa avao ny **espèces** tavela ao. **Espèces** na **poisson** no resahantsika.

**15:55:** Ino antony? Ilay problème izany an, nasiana izay **essai déversoir** izay. **Essai déversoir** izany a, hi **séparer** na ny ranomamy sy ranomasira, lafa manao **extraction** izany ilay orinasa dia tsy maintsy mila rano.

**16:10:** Dia ilay rano tadiaviny, dia hilatsaka any amin'ny **nappe phréatique.** Mba tsy hampasira ny **nappe phréatique** ny Fort-Dauphin izany, dia nasiana io essai déversoir io, sao dia ranomamy no alana dia ranomamy no mivoka a Fort-Dauphin.

**16:24:** Izay izany. Dia depuis nampihidy an'io izany, lasa nisy **appauvrissement** na **diversité biologique** ny tao.

**16:32:** Izay izany, problème goavana izy io, tsy izay avao fa lasa niakatra ny **acidification** an'ilay rano dia io zao miafara amin'izy io simba hinaniky io, simba moa izany ny filazana azy.

**16:46:** Simba ilay rano fa tsy hoe maloto. Rano maimbo. Rano maloto zao mety hoe mbo tsisy fofona fa tena simba izy amin'ny ankapobeany.

**16:55:** Raha ny fanazavana dia hoe misy fikarakarana manokana io ary tsy marina izany hoe roa sisa ny **espèces** eo raha ny inona moa, rah any ambaran'ny orinasa.

**17:08:** Izay moa teneniko teo an, izahay tsy mahazo **information** avy any. Fa **étude** kely izay ataonay, izahay no mi verifier sy miresaka amin'ny **communauté.**

**Communauté** koa tsy mandà fa mamaly anay hoe izao sy izao ihany ny sisa ato amin'ity rano ity.

**17:24:** Dia **oui**, izao moa izany nanao **stage** teny taloha dia fantatro aby ry zareo. Tamin'ny omaly aho izao nifampiresaka amindreo satria misy **Président** ny **Féderation** ny **Pêcheurs** izay miara-miasa aminy. Nanao akory asaky **situation** amin'izao? Mbo tsy miova ilay rano.

**17:40:** Tamin'ny taloha izy io, orinasa mihitsy no namatsy rano madio hosotroin'ny vahoaka eny. Fa **presque** efa, tsy haiko,tao raiky izay, 7 mois eo ho eo, efa tsy dia nisy raha izay.

**17:53:** Ino raha miteraky ao amintsika miresaky zao ? Maro ny zaza mikohaky, maro ny misy bay bay, maro ny zaza mivala **diarrhée** sy ny tariny satria izay. Miaina amin'ny rano maloto ka.

**18:06:** Ankotran'ny resaka rano an ao anatin'io boky nosoratanareo io an, niresaka nareo hoe : **Désespoir** na ataontsika hoe, inona moa izany no filaza izany hoe ? Ny mponina izany lasa diso fanantenana tamin'izay noheritreretina, tany am-boalohany.

**18:23:** Ao anatin'io ihany koa ianareo dia miresaka hoe **milieu dégradé** na koa hoe toerana tena simba, simba moa izany no ilazana izany na hoe potika. Otraotrany ahoana ny **situation** amin'izao ?

**18:37:** Ia, izy moa izany diso fanantenana arak'ilay resahantsika teo. Ino moa tsy ahadiso fanantenana ?

**18:43:** Voalohany indrindra an, **depuis** nitrandrahana, misy **redevance** an, izay moa **redevance** atao hoe **ristourne** an.

**18:51:** Raha ny kajikajy tsotsotra an hitako an, tsy haiko na marina ilay **chiffre** fa **89 million de dollars** no **ristourne** depuis izay.

**19:03:** Nefa Fort-Dauphin, tapaka jiro, rano tsy mandeha an, ankamaroan'ny fotoa. Aya io **89 million de dollars** io?

**19:16:** Ankotrin'zay, diso fanantenana satria ilay orinasa nantenaina izay hanampy sy hanome asa ho an'ny tanora tsy nagnampy.

**19:33:** **Cas** iraiky ity tamin'ny 2024 sy 2023. Nisy **offre** nalefandreo, nametraka **dossier** ny tanora 800. Tsisy voaray na iray amin'ny tanora io fa olona 13 avy amin'ny **organisme** hafa no voarain'ny orinasa io.

**19:51:** Nanomboka io koa izahay, niezaka niady ho an'ny tanora fa tsy nisy nihaino indray koa ilay **société** io tamin'izay dia lasa ady saika loza lay izy tamin'zay.

**20:05:** Diso fanantenana satria, tsy nigoka ny tena izay nampanantenana azy ry zareo. Ino antony maro hiresahanay an'izay?

**20:16:** Angambany henontsika matetika hoe misy grevy misy grevy **QMM.**

**20:21:** Io tsy vao hoe tamin'ny 2020 itiky an. Fa **depuis** 2011 io. Dia nisy **résolution** nataon'ny **Société Civile** tamin'izany fotoana.

**20:30:** Dia nametraka izao **guichet unique** izao ho an'ny tanora dia nametraka izao, fa izy moa izany, ny **problème** tamin'izay ny fahitanay anazy, tsy omena tsiny avao koa ilay orinasa.

**20:42:** Fa lay Ray aman'dReny tao koa zany , lafa nanao **guichet unique** dia ny zanany sy ny fianakaviany nampidiriny. Dia lasa simba lay **guichet unique** tamin'izay.

**20:49:** Fa tokony misy, **réorienter** na lay izy dia tokony **réactiver** na indray mandeha. Iny no mahatonga anazy dia iny zao tsy voaray 800 amin'ny tanora anay ao izay tsy manana asa. Izao sy izao no mahatonga anay diso fanantenana.

**21:05:** Fahatelo, ny aretina samihafa.

**21:09:** Io, tena loza io an.

**21:13:** **Statistique** tsotsotra avao no nifampiresahako tamin'ny Dr teto. Izay olona avy any Fort-Dauphin hoe marary **cancer**, tsy hoe…izay olona voan'ny **cancer** ny maso dia ataontsika hoe 60 à 80 % avy any Fort-Dauphin.

**21:28:** Gaga izaho. Vao tsy ela akory nahareako an'izay tantara izay.

**21:31:** Dia ino mahatonga an'izay hoy aho? Dikan'izay hoy aho, Fort-Dauphin izany, anisan'ny **commune** sy distrika tratrana homamiadana.

**21:44:** Izay no fiheritreretako azy satria misy zavatra mikiky tsikelikely ho an'ny fahasalaman'ny vahoakan'ny Fort-Dauphin ao.

**21:55:** Ka izaho voalohany dia mampanaitra antsika mpitondra fanjakana fa indrindra isika amin'izao vaovao izao, **refondation** izao, tokony jerevana ifotony io olana io.

**22:10:** Tsy olana ara fahasalamana an, fa olana rehetra dia tokony jerevana sy atao fanohitra fampandrosoana ny orinasa **QMM** fa tsy vao maika hampihemotra harenan'ny faritra Anosy.

**22:24:** Marobe ny resaka fitrandrahana io, ny vondron'olona, ataontsika hoe **Communauté locale**, matetika voahitsakitsaka, misy zo voahitsakitsaka.

**22:36:** Misy na zo fananan-tany na zo hiaina an-kahalalahana na zo maro samihafa. Manao ahoana indray izay ? Manao ahoana izay any an-toerana amin'izao fotoana izao? Manao ahoana ny ataontsika hoe **respect du droit des communautés locale** izay izany ?

**22:52:** Eka, izy moa efa natsidiko kely teo, ny fisian'ny fitakiana isan-karazany: grevy. Io izany midika fa hoe tsy….

**22:02:** Efa voalamina ve io amin'izao ?

**23:05:** Tsy voalamina io fa ankotran'ny petatoko, ny fandaminana anazy. Tena miala-tsiny aho miresaka anazy.

**23:13:** Misy amin'izay koa moa zao ny zao lay **RSE**. Izay moa zao no malaza **depuis** tamin'ny 2024 raha tsy diso aho.

**23:19:** Ilay **Responsabilité Sociétale des Entreprises, de l'Entreprise.** Izy io izany dia ho zava-tsoa aminay. Satria izy io, **4 millions de dollars** isan-taona, izay hi résoudrena izao problème iaby aby zao.

**23:37**: Nefa, nihezaka avao zay mba hoe hiditra sy hamakafaka hoe atao ahoana ny fampiasana io vola io. Tsy dia azonay ny marina.

**23:47:** Matetika miakatra Antananarivo, izao **pourcent** antsika, tsy azo ampiasay amin'izao, Antananarivo, maro izany zay mbo tsy hanananay ny porofo hoe ino sy ino ro tokony hampiasaina azy.

**23:57:** Dia amintsika miresaka izao, lay olo manan-tany, mbo tsy afa-po satria mbo tsy mazava ara-dalana ny fomba famaliana anazy.

**24:08:** Lay grevy, tsy mazava ara-dalana ny fomba fijerevana anazy, tamin'ny fotoana, taloha moa izany fa…tamin'ny **Président** taloha.

**24:18:** Dia handefasana miaramila avy aty Antananarivo, hangeja ny mpanao grevy.

**24:23:** Ary tamin'ny farany, talohan'ny farany aza, nisy faty olona roa sa faty olona telo raha tsy diso aho. Tsy teo moa zaho, fa nanao **mission** tamin'ny fotoana nampisy an'io.

**24:34:** Fa izao izany ny situation any, ary ny fanjakana matetiky tsy miaro ny vahoaka fa matetiky miaro an'io orinasa io.

**24:44:** Tsy ny fanjakana tiako resaha fa ny olom-panjakana any an-toerana fa tsy fanjakana.

**24:51:** Amin'ny **RSE** resahantsika zao, henoheno an, fa mbo tsy hananam-porofo, dia tsy afaka miresaky hoe iza sy iza, fa misy orinasan'olom-panjakana, tena miasa anatiny ao.

**25:02:** Dia mihezaky izahay mba hiditry sy hamakafaka sy hanome filaminana sy fifandaminana ao amin'io orinasa io.

**25:13:** Tamin'ny 2003 izahay nanao **proposition de collaboration**, tamin'ny 2023 an, dia hatramin'izao tsy nisy valiny.

**25:24:** Nefa ato aby ny **solution** ny raha iaby aby notenenintsika izao. Dia eo zany zahay gaga hoe iza marina no hiasan'ny **QMM**, ny fanjakana sy ny posiny ve sa ny vahoaka? Sa fampandrosoana an'iza? **Beaucoup d'interrogation** amin'izay.

**25:40:** Izay no nahatonga anay hoe, amin'ny **préambule** an'ilay boky itiky, **« une mine de milliard mais pour qui ? »** Izay no nanombohanay azy ato zay, otran'zay, io **« Une mine pour qui ?"**

**25:56:** Satria mbo tsy mazava anay **OSC** hoe mankaiza daholo ny zavatra izay hampanantenana izay tsy hitanay porofo hatramin'izao.

**26:04:** Midika ve izany fa tena mahasahy miteny ianareo avy ao amin'ny firaisamonim-pirenena satria an, raha ny zavatra noresahanao teo izao an dia misy hoe "Gaga zay an, mametra-panontaniana izahay, nangataka tatitra izahay fa tsy nahazo."

**26:18:** Tsy mangarahara ve izany ilay zava-misy any an-toerana amin'izao fotoana izao? Manao ahoana ny **gouvernance** ? Manao ahoana ny resaka..an…**choix politique** raisin'ny mpitondra ihany koa.

**26:28:** Ao anatin'izay rehetra rehetra izay an, ny ady amin'ny resaka ataontsika hoe mangarahara sy transparence moa izany an, tsy hoe ady moa izany an fa ny ady hipetrahan'izay resaka mangarahara sy transparence izay.

**26:41:** Raha izany fitantaranao izany, ny fiheritreretako azy dia otrany hoe maizina mihitsy, maizina aminareo ny zavatra mitranga.

**26:47:** Ia, izay mihitsy aloha, maizina.

**26:50:** Misy fotoa zay efa nihezaka nihezaka, nihezaka ho mpanelanelana fa izay moa no tena asa na **OSC** manoloana izay olana misy.

**27:00:** Nisy fotoana izany, izay ao an-toerana tsy voaantso an, hi **résoudre** an'ilay olana an fa nangalaka **OSC** hafa. Izay tsy omenay tsiny fa tena haindreo ny ni **résoudre** an'ilay **problème**.

**27:12:** Fa tsy haindreo avao satria mbola niverina avao ilay **problème.**

**27:15:** Dia ilay **TKI** zay. Dia ilay **TKI** io ampiako **en tant que** za **OSC** ao an-toerana, dia ino tombotsoa ny vahoaka izay tokony atao? Dia nampiako, dia reo amin'izay niteny: "Raha izaho hoy izy, iha manao effort be aminay, lafa misy **comité** izay hajoro, dia atao anisan'ny **comité** anao."

**27:37:** Dia lafa zaho amin'izay nanao **démarche** nijery hoe ino sy ino aby olana mampisy an'itiky korontana itiky.

**27:40:** Dia nijery ny orinasa aho, sy ny vahoaka sy ny mpitondra. Dia izahay, ny ekipanay moa izany fa tsy izaho irery.

**27:50:** Dia efa haindreo hoe efa nanomboky miditsiditra lalin-dalina izahay dia ni **bloquer** na amin'ny aby aby dia tsy nampidirina anatin'ny **membre** ny **comité** aho.

**27:59:** Dikan'zay misy manjavozavo izany ny anatiny any.

**28:01:** Inona amin'izay no mety hoe voka-dratsy aterak'izay resaka hoe tsy fisian'ny mangarahara izay sy ny tsy fandraisana andraikitra ara-politika mazava any an-toerana izay?

**28:13:** Ny vokatrin'izay izany, dia any olona ao an-toerana tsy mahafantatra hoe hatraiza ny **situation** ndreo. Dia **possible** an, **possible** hoy aho an, mety hisy grevy indray mandeha.

**28:27:** Nefa izao no tena olana, tonga dia atsidika avao lay olana.

**28:31:** Il y a **une semaine** izaho nahare **information** fa mety 90% hiala eo an-toerana io orinasa io. Izay izany no tena vokatrin'ny, izay **information** izay nahatonga ahy hifampiresaka aminareo izao.

**28:49:** Satria loza loza ho an'ny faritra Anosy raha miala tampoka izy.

**28:54:** Niezaka nandefa **Whatsapp,** mail amin'ilay **Responsable** izahay, fa mbola tsy nahazo valiny hoe hiala sa tsy hiala ry zareo.

**29:02:** Dia manahy aho mba tsy ho tahakan'ny Pays sasany nandalovandreo na tahakan'ny tany Panguna **par exemple, Papouasie–Nouvelle-Guinée,** lafa niala ohatry **Rio Tinto**, nitaky ny vahoaka, **après 35 ans** zay vao nahazo valiny.

**29:24:** Sao diza zay ary **question** ao Fort-Dauphin, izay mampanahy ahy io dia atsipiko etoa amintsika mpitondra sy izay manam-pahefana afaka mi **résoudre** an'izay **problème** izay.

**29:35:** Mila fantatsika mazava, hiala va ireo sa tsy hiala ? Dia tokony vitainy ny vary mangatsiakany izay mbo maro ao Fort-Dauphin : fananan-tany **(usufruitier), situation** ny **pêcheurs** sy ny sisa sy ny sisa sy ireo mahampy izay io tena hiveloman'io faritra io.

**29:54:** Satria mahampy izao hanamboarana tsihy, hanamboarana satroka, **tout**, vita avy amin'ny mahampy.

**29:59:** Dia miteny moa antsika teo hoe, nanimba sa tsia nanimba arakin'ny resantsika teo

**30:04:** Ny tany tompoko, raha vao hadianao dia efa simba ny anaran'izay.

**30:09:** Tsy mimpody amin'ny toerany iny na oviana na oviana. Satria tsy io tany io raika avao anie mipetraka ao e. Fa misy **microbe,** misy biby maro, izay misalahy manome ny tsiron'ny tany io.

**30:24:** Raha ohatsy izao tsika, ohatsy avao ny antsika izany, mihaly tany maromaro etoa sy ny tariny izay mahatonga antsika a Madagasikara io **Île Rouge** io.

**30:32:** Io tompoko, io **cycle** n'io, tsy latsakan'ny arivona roa arivo taona vao mety hipoly amin'ny **place** ny raha misy ny **restauration**. Amin'ilay nofon'ny tany ny tiako resahana an.

**30:41:** Dia izay ilay resahako hoe na **restauration** izany, otrany kirevirevy aloha ilay izy.

**30:49:** Amin'ny ankapobeany an, raha amin'ny **connaissance** ntena tsotsotra amin'ny **microbiologie** sy ny tariny izany an hiresahako izay. Izay sy izay ngamba ny ahy.

**30:57:** Raha tao anatin'ny hoe tsy nisy vokatra ho an'ny mponina izay izany an, fotoanan'ny fanovana isika izao, ianareo firaisamonimpirenena, mino aho fa matoa ianareo nahavita boky otran'io an, manana soso-kevitra ihany koa an apetraka ao anatin'izay fanovana izay, indrindra indrindra amin'ny mpitondra ankehitriny.

**31:14:** Inona izany izao no heverinareo fa otrany hoe rafitra hampahomby an'izay resaka fitrandrahana ny harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara izay mba tena tsy hamono ny mponina any an-toerana, hitera-bokatsoa ho an'ny mponina an, ary….satria mantsy an, raha ny zavatra misy izany, raha ohatra ka ny fitrandrahana harena eto Madagasikara dia mijoro foana ny firaisamonimpirenena miteny hoe **"Non!"**

**31:34:** Na miteny, mijoro fotsiny hoe tsy mety ilay zavatra otran'izao satria otran'izao an.

**31:40:** Ao anatin'ny fanovana isika izao, mba hoe ahafahan'ny firenena misitraka ny harena hananany. Otraotran'ny ahoana izany ny rafitra tokony mipetraka, ny zavatra heritreretinareo fa entina hanatsarana.

**31:53:** Indrindra indrindra raha ohatra fotsiny hoe **cas** an'io any Fort-Dauphin io izany.

**31:58:** Ato aby moa zay aby aby reo izay an, fa hafohezoko ataoko hoe…

**32:04:** Voalohany indrindra aloha an, ilay **Code minier**, izay tenenintsika teo hoe **23007** an, hisaoranay ho an'izay nanao anazy fa mba tafiditra anatiny ny anaranay Société civile aloha.

**32:22:** Ankotran'izay, raha io no tena arahintsika ara-dalana lalàna sy ny tariny izay hitantsika anatiny ao, dia **possible**, hampodiko indraiky, **possible** ho paradisa ny fomba fitrandrahana harena an-kibon'ny tany eto Madagasikara.

**32:42:** Fa ny tsy fanarahan-dalàna no hitako sy ny kolikoly avo lenta sy ny tariny no hitako mahatonga an'io **problème** io.

**32:51:** Faharoa manaraky an'izay, ilay **Convention d'établissement**. Tsy azo kitihana io raha tsy afaka 25 taona.

**32:59:** Ino araky ny atao anazy? Tsika **refondation** izao mba tokony mba misy zavatra tokony mba hifampijerena indray mandeha aloha.

**33:09:** **Exemple** avao anie ilay fomba fitrandrahana **monazite** sy nampaherezana ny olona rehetra tao Fort-Dauphin e.

**33:15:** Ino ary tsy nampaherezana azy?

**33:19:** Re izay izany tokony hiova. Ovaina ny fomba fiasa otran'izay fa…Hampanjakana ny mangarahara. Hampahafantarina ny vahoaka ny zava-misy tena marina.

**33:30:** Dia miara-miasa sy ny tena tompon'andraikitra nge no tena tokony manao anazy.

**33:35: Par exemple** izao ny manao an'io **RSE** teneniko io, misy ny sasany, **ONG** avy any ivelany no manao anazy dia tsy mahafantatra akory ny situation misy ao amin'io faritra io sy ao amin'io toerana io.

**33:47:** Ny sasany izao manome zezika, izay zezika tsy tadiavin'ny **communauté** akory.

**33:54:** Marobe izany ny zavatra tokony ovaina fa ny tena hitako tena izy izany, Fort-Dauphin ny mahay ny marary ny Fort-Dauphin. Tsy mila olo-hafa.

**34:03** Izay izany amin'ny ankapobeany tiako tenenina izany amin'izao **refondation** izao.

**34:07:** Ny olona eo an-toerana no mahafantatra ny **situation** ny dia ireo ihany no afaka mi résoudre ny **problème** io.

**34:15:** Manao ahoana ny, inona moa ity izy teo, satria izao mantsy an, ity izao misy tatitra ity an, navokan'ny teo anivon'ny **QMM** an, manoloana ilay resaka **RSE** noresahanao izay mihitsy.

**34:31:** Raha resaka jiro izao an, nilaza ry zareo fa efa nisy ny milina napetraka ahafahana mamokatra **16 MégaWatt.**

**34:44:** Vonjy taitra efa nanao ry zareo an, be dia be ihany koa ny asa fivelomana tena nanampy ny mpanjono, nanampy ny mpamboly an'arivony araka izay voaraintsika izay an.

**34:56:** Ianao izao miteny hoe zezika tsy mifanaraka amin'ny filan'ny tantsaha

**35:01:** Dia ny **QMM** an, manao ve fa tsy mahafa-po sa tena manao fa tsy ankasitrahana fotsiny izao?

**35:09:** Tsy hoe tsy mahafa-po sy tsy hankasitrahana, fa tsy mahafantatra ny tena filan'ny olona ao Fort-Dauphin.

**35:15:** Izay no nahatonga ny resako teo hoe, ny **solution** ny Fort-Dauphin, Fort-Dauphin no mi **résoudre** azy fa tsy mila olona avy any ivelany akory.

**35:21:** Faharoa manaraka izay, moa ve ireo fanampiana nomena **par exemple** mpanjono, izaho nahita maso mihitsy, vao vita zara ilay fanampiana teo, vao niala ilay **autorité,** dia efa mamarotry reo.

**35:36:** Dikan'zay tsy ilandreo ilay raha, **glacière** sy ny tariny. **A peine** miala ato antsika ataoko hoe **10 mn** lay autorité nanome anazy, efa mifampizara zareo hoe izaho mamaritry an'ity, izaho mamaritra an'ity.

**35:48:** Tokony ho fantatra hoe ino tena , ny zavatra tena tiandreo tantsaha ireo, izay mahatonga an'izao raha izao. Tsy hoe tsy manao **QMM**.  Izaho tsy miresaky hoe **QMM** tsy manao.

**36:01:** Izahay anie ao manana **parc solaire**, firy ha. Izahay anie ao manana **éolienne** eo amin'ny 19 ny isany, manao ireo.

**36:10:** Fa, moa ve, tena io marina no tadiavin'ny faritra ? Izay izany **problème** io fahitako azy.

36:18: Otrany ahoana no tokony atao izany?

**36:21:** Tena misy indray mandeha ny fanadihadiana avy any ifotony. Tsy **problème** anie na atao indray mandeha ary anie **consultation publique** e. Mba hampisy ny filaminana ao amin'ny faritra io.

**36:32:** Fa, maro, maro be raha tokony nijerena, fa izy, ilay avy any ifotony mihitsy, fa tsy hoe **recrutement** izao **par exemple** an, izay izao tena raha tena tsotra.

**36:41: Recrutement,** ny ankamaroany ireo miteny hoe 80%, **recrutement local.**

**36:52:** Ary tamin'ny mode ny **Président** tamin'ny fotoana androny niresaky hoe tsy maintsy zanaky ny faritra no halana aloha.

**37:00:** Rehefa tsisy zanakan'ny faritra dia izay vao mitady **province** dia tsy misy **province** izay vao mitady amin'ny **Etat.**

**37:08:** Tsy izay ny ao, avy bakany ilay olona avy ao amin'ny **province**, avy any amin'ny faritra any, tonga ao Fort-Dauphin, mahazo **Certificat de résidence.** Tsy mahay teny Antanosy akory an, voaray satria **originaire** ny Fort-Dauphin.

**37:24:** Ireny izany no mila jereva soa aby hoe, izaho moa izany ni proposer avao matetika amin'ny faritra io, mi **créer Comité d'orientation indépendant pour le développement de la région Anosy.**

**37:38:** Io **Comité** io izany hitako anisan'ny **solution** mety hahomby raha tena hapetraka ny tena asany.

**37:49:** Ny **partie prenante** aby aby ao anatiny ao, dia ilay **guichet unique** iny, ao no hametrahana azy.

**37:55:** Dia tsy hisian'ny fitiavan-tena sy ny tariny fa amboarina tsara ireo **Comité** io dia hitako anisan'ny **solution** ary tsy ho an'ny Fort-Dauphin io fa ho an'ny faritra Anosy mihitsy.

**38:05:** Efa betsabetsaka ihany izay voaresaka teo izay an, fa ny ngambany tena somary resahako farany an, ilay mahakasika an'ilay tontolo iainana.

**38:14:** Tontolo hiainana, izay ataontsika hoe tena amin'izao fotoana izao na tany amin'ny **COP30** sns, resaka, efa miatrika fiovaovan'ny toetr'andro isika, mbola miampy ny voka-dratsin'ireo ilay karazana fitrandrahana maro samihafa ihany koa an.

**38:31:** Aiza no hiafaran'izany faritra Anosy izany raha ohatra ka izany no tsy voafehy an?

**38:36:** Manao ahoana ihany koa anefa an, ny efa ezaka atao?

**38:39:** Milaza ihany hoe namboly hazo izao ha, nanao an'izao amin'ny resaka tontolo iainana sns, otraotrany ahoana ny zava-mitranga tompoko any izany amin'izao fotoana izao.

**38:47:** Ia, tontolo iaina resahantsika an. Io raha madio dia salama ny mponina sy **êtres vivants** anatiny ao.

**38:59:** Nefa amin'ny ankapobeany arakan'ny resahako teo, tsy dia madio arakan'ny firesahana anazy ilay izy.

**39:05:** **Exemple** avao izany amin'ilay rano fisotro madio.

**39:09:** Rano sotroina ao Fort-Dauphin anie ilay rano maloto notenenintsika teo e. Ilay rano simba, maimbo.

**39:16:** Eo koa nefa hakan'ny orinasa **QMM** an'lay rano sotroiny amin'ilay **site** ny any izany. Dia fahitako anazy, fiangaviana agnay a Fort-Dauphin an, io no tena jerevonareo malaky satria ny areti-kibo sy ny areti isankarazany dia marobe ny zavatra hita ao.

**39:49:** Ankotrin'zay, ilay rivotra hiainanay ao, tokony misy hijereva koa.

**40:05:** Amin'ny ankapobeany izany ilay tena **étude complète** n'io tontolo iainana izay hiainanay io izany, miangavy anareo mpitondra fanjakana amin'izao, mba tokony ho jereva fa sao ho loza tsika amin'ny farany dia eo vao mifanome tsiny eo iano sy iano ilay izy.

**40:20:** Fa ngah moa tsy hoe fa misy **étude d'impacts** amin'ny resaka tontolo iainana ihany?

**40:26:** Misy **étude impact** ary misy rapport de misy rapport dia misy manao suivi. Fa ilay manao **suvi** anie, ilay orinasa ihany no miantoka ny **frais** ny sy ny tariny, miantoky ny **indemnité**.

**40:38:** Ny **analyse** atao dia any orinasa ihany no manao **analyse**. Io izany tsy hoe manome tsiny ny orinasa ava tsika….

**40:45:** Dia iza no mamoka valiny izany?

**40:46:** Dia ireo avao koa. Tsy manome tsiny ny orinasa atsika fa tsika fanjakana koa tsy….

**40:50:** Izy koa tsy handoto ny tenany hoe "Izahay dia nanao an'izao."

**40:53:** Izaho koa raha ohatra a hoe izaho tena **Responsable** n'io dia hiteny izaho hoe izaho namono olona otran'izao za? Tsy possible izany.

**40:59:** Dia amin'ny ankapobeany izany, tokony fandraisana andraikitrin'ny fanjakana. Dia ohatra avao izany fametrahana **laboratoire** ao an-toerana.

**41:09:** Rano resahantsika an, manodidina ny faritra iny anie misy **Leigh Day** izay nanao **étude** tsotsotra mahakasika **taux** na **plomb** amin'ilay rano n'ilay olo manodidina an'iny.

**41:23:** Ilay **taux** na **plomb, 10 microgrammes/ décilitre** anatin'ny 100 no tenenintsika, izay ny **norme**. Efa **norme** efa ambony izay an, fa mba **norme** kely izany amin'ny fahasalamana.

**41:38:** Amin'ny tsika amin'izao anie, tamin'ny 2005 izany teneniko izany. Fa amin'ny isika amin'izao, efa misy **60 – 70 microgrammes/ décilitre.**

**41:48:** Dikan'izay **5…6 à 7 fois** ny **norme** normal ny **taux** na plomb anatin'ny rano ndreo any.

**41:56:** Ino mahavy an'izay ? Moa ve taloha tsy nisy **plomb** dia amin'izao misy **plomb** ? Tsy hay izany na amin'ny rano na amin'ino.

**42:03:** Dia resahantsika koa izany, nihezaka izahay tamin'io resaka **relâchement** na rano io, hoe hanao **analyse.**

**42:11:** Tamin'ny 2022 ilay **évènement** niseho an, fa hatramin'izao izahay tsy nahazo **résultat** n'ilay rano. Fa honohono, ambony, be ny **taux** na **plomb...taux** na **aluminium** anatiny ao.

**42:24:** Dia **aluminium,** ambarako amintsika tsotsotra, amin'ny **milieu acide**, ny **aluminium** rava anatin'ny **milieu acide.**

**42:31:** Rava vao mihinana rano **acide** izany isika, mitombo koa ny **aluminium** amin'ny vatantsika.

**42:38:** **Effet** ny faran'izay tsotra dia iza mino rano matetika amin'ny rano io izany tsika an, dia mety ho tratran'ny **Alzheimer. Effet** tsotra izay an.

**42:59:** Dikan'izay izany, **environnement** tompoko dia mila jerevana, tena mila jerevana aingana sady efa **alerte** io fa tsy hoe ambosomora ny **situation** amintsika miresaky izao.

**43:03:** Resaka sosialy, iny moa izany, tsy…, ny **problème** kely amin'ny sosialy iny, ilay **comité** izay hajoro izany lasa tia tena any ankamaroany.

**43:16:** Tsy **comité** izay hamita anazy tanteraky fa lasa mivadibadiky ny zavatra atao, dia lasa mampitombo indray mandeha ny **problème social** amin'ny faritra io.

**43:24:** Izay mahatonga hoe **comité d'orientation indépendant** izay izany. Io izany no tena hitako hoe anisan'ny **solution** mahomby an'ilay sosialy sy amin'ilay **situation**.

**43:35:** Dia ara ekonomika amin'izay, tokony jerena tanteraka, ino sy ino tokony fandaniana misy.

**43:44 : Par exemple** izao, mahazo **ristourne** ny **Commune Urbaine** ny Fort-Dauphin.

**43:49**: Nahazo **ristourne** reo nefa eo amin'ny 150 angamba izy iny raha tsy **200 million d'Ar** ny trosan'ny JIRAMA amindreo.

**43:59:** Ilay **ristourne** amin'izay tsy azo ampiasana amin'ny… 30 % fotsiny no ampiasana amin'ilay hoe…amin'ny andavan'andro fa hoe 70 % lasa atao amin'ilay **infrastructure** fanamboara raha iaby iaby.

**44:14:** Dia ino raha ky tsy hafamadiky, ny efa ao **infrastructure** fa **plus ou moins QMM** mihitsy no manao anazy dia mba mahalala ny **Commune** sy ny manodidina mba manamboatra izay mba tokony ho azo atao amin'izay raha izay.

**44:27:** Izay aby izany ilay hitako hoe **solution** tao. Dia fiaraha-mitantana sy avy eny ifotony dia mangarahara. Tsy miala reo, dia mba miangavy izahay, amin'ny farany angamba no hiresahako azy.

**44:41:** Mba ka negligevanareo izahay vahoaka sy ny **société civile** fa izahay maromaro koa raha dia tokony hifanampianay anareo.

**44:48:** Dia mba mifanampy antsika dia mamoaky résultat ara-dalana sy azo tsapain-tanana amin'ny faritra io fa faritra masina io ary faritra manan-karena. Misaotra tompoko.

**45:00:** Ka eo mantsy ilay hoe, ilay **Société civile** anie amin'ny ankapobeany otrany hoe, raha teo aloha an, tsy dia nanana ny toetrany..toerana fa lazaina fa mpanohitra e, mpanohatra fampandrosoana e, ny firaisamonim-pirenena. Be dia be ny voampanga amin'izany.

**45:15:** Mpanohitra fampandrosoana rehefa milaza ny..ataontsika hoe rehefa milaza ny olana hiainana eny ifotony an sy mijery na manao..misintona lakolosy na miresaka izany ao anatin'izay.

**45:28:** Amin'izao fandaharantsika izao izao, tena mino mihitsy aho fa ireo indray ny **Société Civile** dia hanaratsy ilay zava-misy aty an-toerana indray angamba izany.

**45:35:** Inona indray ny tanjona ao anatin'io fandaharana ***Zo Hiteny*** io an ? Ao anatin'izay, ahoana no, ahoana izany no ahafahanareo tena mametraka ny toeranareo tsara mihitsy anatin'izay an.

**45:45:** Inona ihany koa moa izany ny tena hoe andraikitra tianareo ho raisina tsy..mba tsy hi negligena anareo intsony ao anatin'izay izany.

**45:52:** Misaotra betsaky. Amin'ny ankapobeany aloha an, ny Société Civile, raha tena **Société Civile** izy an, fa misy ny **Société Civile business** an.

**46:02:** Fitadiavam-bola no hanaovana anazy, fa zahay amin'ny **Société Civile** izay misy anay, izay miaraka amin'ny **structure nationale** ary noteneniko teo hoe vao nanao fankalazana ny faha 20 taonan'ny **OSC** national izahay.

**46:16: Dia Société Civile** izay mihezaka hatrany, mikatsaka hatrany ny hahasoa ny fiaraha-monina.

**46:24:** Tsy misy fitiavan-tena, fa fandavan-tena no ao.

**46:28:** Ary mpanelanelana ny vahoaka sy ny fanjakana, izay misy anie no tena **rôle** nay e.

**46:34:** Ary izahay mifampiresaka amin'ny orinasa io an, tsy hoe izahay tsy mandeha any, fa mifampiresaka.

**46:41:** Dia tena mifandray ara-dalana izahay dia mifampiresaka, fa lafa mametraky amin'izay izahay izao farany teo **21 points** napetranay izay. Ireto ny vary mangatsiakanareo **QMM** dia tsy miantso intsony ry zareo.

**46:56:** Ary mitady **solution** ireo an, **solution** hitandreo dia tena nangalaky tena membre ny **OSC** ireny, **spécialiste** ny **OSC** mihitsy **par exemple** : Sahondra RABENARIVO, Mme Sahondra RABENARIVO.

**47:11:** Izay nalan'io orinasa io nifampiresaky aminay.

**47:16: Rencontre** voalohany nilamina, **rencontre** faharoa nilamina. Ihy nametraka fangatahana sy fanazavana amin'ilay **problème** misy dia tsisy intsony ny **troisième rencontre** amintsika miresaky izao.

**47:28:** Izay avao zegny **problème,** tsy mitohy ny **processus** sy ny **étape** izay tokony ho vitainay amin'ilay asanay maha **Société Civile** anay izany **toujours bloqué quelque part** avao.

**47:42:** Fa amin'ny ankapobeany, na misy **blocage** io na misy ino, miroso ihany izahay. Ary **possible** izahay fa mbo hijery bebe kokoa satria **RSE** zao vao manomboka dia anisan'ny fanohitra sy hampandrosoa ny faritra izy io laha tena jerena ara-dalana.

**48:00** Izaho ary teo niresaky hoe **89 million de dollar.** Izany ve tsy ahavita ny **infrastructure** ny rano avao **par exemple.**

**48:09:** Izany ve dia tsy ahavita tsara hikolokoloana ny andrin-jiro izay matetiky manapatapaky ny jiro ao Fort-Dauphin?

**48:16:** Isan'andro tsy maintsy misy jiro tapaka ao hein. Ary matetika **à partir ny minuit** vao mandeha ny pompe ao. Izany ve tsy hijerena **solution** amin'ireo tratran'ny rano simba eriky.

**48:29: 4 million de dollar** io amin'izay isan-taona, ahia ro handehanan'io amin'izao? Eo koa izany hifampijereva koa fa mipetraky amin'ny place nay izahay hijery hatrany ny hahasoa ny vahoaka ny Faradofay izany ny tena marigny.

**48:44:** Dia hatrehaza izy itiky fa tsy maintsy mihezaka avao izahay na ino izay raha hiseho eo na ino izay raha hiseho eo.

**48:51:** Amin'ny Alarobia ho avy izao moa izany ny **lancement officiel** na ny fanombohana amin'ny fomba ofisialy ny fikaonan-doham-pirenena.

**49:04:** Lanonana moa izany io, fanokafana fa rehefa avy eo, mandeha mitohy ilay izy.

**49:08:** Izany hoe, ho anareo izany **Société civile** ao anatin'ny **Plateforme** n'iny faritra Anosy iny izany efa misy zavatra efa vonona koa ianareo resahana anatin'izay mety hoe **reforme** izay amin'ny resaka fitrandrahana harena an-kibon'ny tany.

**49:23:** Mety efa nisy ihany koa ve ny ataontsika hoe ny fakan-kevitra teo aminareo samy firaisamonim-pirenena, mba ahafahanareo izany an, ataontsika hoe, mitondra izay anjara biriky nareo izay ao anatin'ny fanovana, izay tadiavintsika eto Madagasikara moa izany.

**49:38:** Misaotra betsaka.

**49:39:** Resaka filan-kevim-pirenena ilay…?

**49:42:** Mhhh (Manaiky)

**49:43:** Efa nanomboka izahay, nanomboka tamin'ny Talata. Tsy Talata izao fa tamin'ny Talata eriny, izahay mihitsy no nitarika anazy miaraka amin'ny to-tenin'ny Tanosy sy ireo Ray amandreny ara-drazana.

**49:55 :** Dia efa ni **créer groupe Whatsapp** izahay, hifampizaranay. Tsy latsakan'ny 200 angamba izay **groupe Whatsapp** nay io, ary tena soso-kevitra maro be fa miandry ny fahatongavandreo any Fort-Dauphin dia efa arosonay ny anay.

**50:11:** Tsika, izay ilay hitenenako hoe somary tara kely ny antsika aty amin'ny foibe fa efa ni **commence** izahay.

**50:19:** Ary vao nifampiresaky izaha dia efa nifampizara **entité** efatra izahay izay. Hoe sosialy dia anatin'ny sosialy, **environnement, santé,** izay aby aby. Ino moa lay raha…lalam-panorenana sns sns.

**50:35:** Ary efa anatin'ny kaon-doha mampiasa **Whatsapp** moa izahay an, ao izahay mikaon-doha an.

**50:41:** Dia **restitution** ny asanay izany le **13 décembre** ho avy izao.

**50:46:** Mmmmh..mahafinaritra izany.

**50:49:** Eny ary, ataontsika hoe efa maromaro ihany izay voalazantsika izay an, omena roa na telo minitra ianao hamintinana na hitondrana hafatra mafonja ihany koa ety ampamaranana izany mba hoe hafatra ho tadidy, ho tadidy aty amin'ny farany tao aorian'izay, ataontsika hoe resaka lavalava natao izay.

**51:07:** Ia, eka, misaotra betsaky Harinianja an.

**51:12:** Amin'ny ankapobeany ma izany an, faritry Anosy ampodiko indray, faritra manan-karena. Tsy tokony hijano amin'io fitrandrahana **mine** izay hitantsika fa tsy dia mahomby, noho ny fisian'ny **paramètres** maromaro izay efa notenenintsika teo, fa developevantsika indray ilay **écotourisme,** ilay **tourisme,** ilay **pêche** izay mampalaza antsika, ny **langouste** sy ny **crevette** ary ny **huitre** sy ny vokatry isankarazany.

**51:41:** Tsy ataontsika ambanin-draha koa ny agriculture, dia ireny aby izany ny source ny avenir tsika amin'izao.

**51:48:** Dia ataoko angamba fa manomboky amin'izao **refondation** izao dia hanao **refondation** koa antsika any mba tsy hoe antsika tompony mihitsy ny mitantana ny harenantsika.

**51:59:** Ino ro hiavihana amin'izay ? Dia fiaraha-miasa antsika rehetra. Halaviro ny kolikoly, halaviro ny fifankahalaina fa ndao isika hiaraky hamelo indraika ny faritsy ntsika.

**52:09:** Fa antsika amin'izao izany efa fahatelo amin'ny farany izay **région** misy eto Madagasikara.

**52:16:** Dia ataontsika **défi** izay mba **après deux ans** na **trois ans** na **10 ans** any mba ataontsika otran'izay ilay izy dia mba tokony fahatelo amin'ny faritry mandroso amin'ny Madagasikara antsika.

**52:31:** Dia ho antsika aby aby moa izany, enganie izao **refondation** izao mba hitondra soa ho antsika dia isika Malagasy mihitsy no tompon'ny Madagasikara.

**52:40:** Izay angamba no hamaranako azy.

**52:41:** Eny ary. Hankasitrahana be dia be ianao andriamatoa MASIMANA GAHIDI MARENJAKA. Ianao moa dia tena anisan'ny, ataontsika hoe, be dia be ny mahafantatra anao any amin'iny faritra Anosy iny an, ary tena efa manana ny toerany ihany koa ao anatin'izay resaka hoe adi-sisika maro samihafa amin'ny maha Firaisamonimpirenena izay.

**53:03:** Misaotra betsaka anao tongasoa teto amin'ny fandaharana ***Zo Hiteny*** an. Mahafinaritra fa efa misy ataontsika hoe olona avy any amin'ny …efa manomboka mihaino ny feon'ny any amin'ny faritra isankarazany ny fandaharana ***Zo Hiteny*** ary mihezaka rehefa mba mahenoheno hoe misy olona avy any amin'ny faritra tonga eto Antananarivo, izay tena miantso anareo tahaka ireny izahay hoe "Mba avia aloha, mba miresaka kely. Manao ahoana ny zava-misy any? " Mba ho fantatrin'ny vahoaka Malagasy rehetra.

**53:26:** Misaotra betsaka nivahiny, misaotra betsaka antsika tany an-tokantrano ihany koa, nanaraka ny fandaharana hatramin'ny farany.

**53:32:** Manome fotoana antsika indray amin'ny Alakamisy ny fandaharana ***Zo Hiteny***, mandra-pitafa. Veloma tompoko.

53:40: *Mozika famaranana ny fandaharana*

54:03: *Tapitra*